VOAROY HAZO sy FIOMPIANA LANDIKELY

1-/ FAMPIDIRANA

- Ny fiompian-dandikely dia isan'ireo orin'asa madinika sahaza ny ankohonana rehetra, indrindra ireo tena sahirana ary azo ampiharina tsara ato amin'ny faritra ITASY toa ny faritra afovoan-tany rehetra.
- Ny landikely antsoina hoe "Bombyx Mori" dia tsy mihinana afa tsy ireo ravina amin'ny karazana voaroihazo ka ny tanjona dia ny ahazoana karazana ravina tsara sy ambony kalitao mba hahatsara ny vokatra.

2-/ FAMBOLENA

2.1-/ FANOMANANA NY TANY

2.1.1-/ Karazana toetry ny tany

- Tany mari-drano sy baiboho (tena tsara)
- Tany misolampy (tsy mihoatra ny 15%)
- Toerana tsara : mahatandrano, lavitry ny voly paraky sy ny voly ampiasaina fanafody , tany be sokay
- Ny tany misolampy dia hanamboarana "courbe de niveau"

2.1.2-/ Fanamboarana tatatra (fa tsy lavaka)

- 50 sm – 1m ny sakany ; 50 sm ny halaliny (sary A)
- (ny lavaka dia tsy ahafahan'ny faka misandrebaka)
- Elanelan'ny tatatra : 60 sm – 90 sm (sary A)

2.1.3-/ Famafazana zezika

- Zezi-pahitra : 20 sarety/ha/12500 foto-kazo
- N.P.K. : 300 kg/ha
- Afangaro amin'ny tany na atao any ambany indrindra
- Azo ampiana sokay ny tany raha tena mahantra.

2.2-/ FAMBOLEN-KAZO

2.2.1-/ Karazany ampiasaina sy fomba fambolena

- Voaroy vavy be ravina sy manana ravina antonony
- Raha zana-kazo : masony 2 na 3 no mivoaka ary 20 sm no milevina (misy masony) (sary B)
- Raha botiry : masony 2 na 3 no milevina ary 2 farafahakeliny no mivoaka (sary D)

- Volena mijoro tsara ary asaina tany afatratra misolampy manary rano ambonin'ny faka milevina (sary B sy D)
- Botira : taho nalaina teo antenatenan'ny rantsana (tsy ny tendrony na ny fotony)
- Misy maso 4 farafahakeliny
- Tapahina misolampy 45°, mifanohitra amin'ny masony ambony indrindra (sary E)
- Volena avy hatrany eo amin'ny tany haniriany (toa izany koa ny zana-kazo raha fahavaratra)

2.2.2-/ Fivelarany

- Elanelan'ny laharan'ny fototra amin'ny tatatra roa
  - 1m – 1,2m / fototra manao valala manjohy (sary F)
  - 0,7m – 1m / fototra manao diam-panorona (sary G)
- Elanelan'ny fototra anaty tatatra iray
  - 0,5m 1m (valala manjohy) (sary F)
  - 0, 5m – 0,7m (diam-panorona) (sary G)
- Arakaraky ny hatsarana sy haben'ny tany hovolena

2.3-/ FIKARAKARANA

2.3.1-/ Fikajiana ny tontolo iainana

- Manao tatatra aro riaka eny an-tampony (tany misolampy) ary lalan-driaka eny an-tsisiny roa
- Volena voly aro riaka ny sisim-boly rehetra (fefy velona) sy fiarovana amin'ny omby
- Manao lalan-kely manodidina atao aro-afo

2.3.2-/ Fiavàna sy fanondrahana

- Tsy avela hisy ahi-dratsy maniry mihitsy
- Tsara atao voly mahaleontana ny sakam-boarihazo, hiarovana amin'ny aretina
- Tondrahana isaky ny 15 andro (indrindra raha tany mahantra na tsy misy rano/tanety)
- Fampiasana rako maina mba hitazonana rano
- Fanesorana ny ravina ratsy sy fanapahana ny taho ratsy

2.3.3-/ Fanosohana zezika

- Isaky ny fifaranan'ny fiotazana dia tsara fafazana zezika na komposta ny elanelan'ny laharana (manao tatatra kely) na andaniny roa amin'ny foto-kazo raha tany misolampy (atao tatatra kely)
- Tsara koa ny mampiasa UREE raha tsy mitombo ny hazo ary kely sy ratsy ny ravina.

2.3.4-/ Fandrantsanana

- Zava-kinendry : mba ho maro ravina ny hazo, mampatanjaka ny foto-kazo, mielanelana fotoana fohy ny fiotazana, ahazoana taho atao botiry na zana-kazo.
- Atao in-2 na 3 isan-taona (indrindra amin'ny ririnina)
- Azo atao ny mifampifandimby ny fandrantsanana ireo taho amin'ny fototra iray itsinjovana ny famahanana manaraka (sary H) rehefa mitombo taona ny hazo
- Tsy atao mitovy tantana ny fandrantsanana ny taho fa atao lava sy fohy
- Fandrantsanana I isaky ny taom-pamokarana
  - taona I : atao 20sm ny sisa
  - taona II sy ny sisa : alohan'ny fitsirihan'ny masony.
- Atao misolampy 45° ny fandrantsanana

2.4-/ ARETINA SY FIAROVANA

2.4.1-/ Fiavian'ny aretina

- Saha tsy voahava
- Tsy fahampian-drano
- Tsy fahampian-jezika (indrindra ny zezi-pahitra)
- Fandrantsanana ratsy (tsy misolampy ny tendrony, miveraka ny odiny)
- Bibikely monina na mipetraka maharitra eny amin'ny ravina sy ny taho
- Setroka ratsy na fofona ratsy (simika,…)

2.4.2-/ Fiarovana ankapobeny

- Tapaho ny taho hafahafa sy miveraka ny odiny
- Fiavàna mitohy
- Esorina haingana ny bibikely eny amin'ny ravina sy ny taho
- Fandrantsanana ara-potoana
- Tsy avela hifampikasoka ny ravin'ny fototra mifanakaiky
- Tsy ampandalovina eny ny zavatra miteraka fofona ratsy.

3-/ FIOMPIANA LANDIKELY

3.1-/ TRANO FIOMPIANA

- Refiny : izay ahazoana manao fandrian-dandy misy velarana 6m² isaky ny 20 reny
- Atao tafo bozaka ho fihazonana ny mari-pana sy ny hamandoana ilaina (tsy atao iva loatra)
- Varavarankely vitsy sy avoavo

- Gorodona tany voahitsaka tsara
- Trano voalalotra anaty miloko sokay
- Tsy talakin-drivotra be
- Trano lavitry ny tanimboly amafazana fanafody, lavitry ny fambolem-paraky sy ny fahitra
- Toerana tsy be tabataba.

3.2-/ FITAOVANA

3.2.1-/ Fandrian-dandy :

- Talatalana mifanongoa, voafefy hazo fisaka ny sisiny efatra, tsy latsaky ny 50sm ny elanelan'ny ambaratonga
- Latin-kazo mafy hitazonana ny karakara vy ho fanambaniny
- Tsihy sy harato kely maso atao lafika sy fanoloana azy
- Rakotra plastika hanaronana ny landy

3.2.2-/ Fitaovana madinidinika

- Sobika fitehirizan-dravina
- Sivana amafazana ny vovon-tsokay
- Antsy hitetehan-dravina
- Fatapera sy saribao hamanana ny trano
- Vilana (entona rano mangotraka ampiaharana ny hamandoana)
- Latabatra hitetehan-dravina
- Thermo-hygromètre : hanaraha-maso ny mari-pana sy ny hamandoana
- Ny vovon-tsokay
- Ny eau de javel hanasana fitaovana sy tanana ary amafazana amin'ny trano sy ny tokontany
- Moustiquaire ho an'ny varavarankely

3.3-/ FITANTANANA NY FIOMPIANA

3.3.1-/ Fanotrehana sy fahafoizan'ny atody

- 15 andro eo ho eo aorian'ny fanatodizana ny fahafoizany
- Saronana lamba matroka 24 ora alohan'ny andro hahafoizany (miloka manga)
- Atapy masoandro mandritra 30 mn amin'ny andro ahafoizan'ny atody
- Manao famandrihana amin'ny ravina voatetika 5mm apetraka eo amboniny raha vao foy
- Sarahan-toerana ireo tsy mitovy andro nahafoizana (izay tratra aoriana omena sakafo bebe kokoa na apetraka amin'ny toerana mafana)

- Rakofana rakotra plastika (taona I ka hatramin'ny taona III), tsy atao mahakasika ny biby ary esorina ora 1 alohan'ny famahanana
- Tsy raisin-tànana ny biby, mampiasà ravina na volon'akoho
- Mari-pana ilaina : 23°C – 28°C; hamandoana ilaina < 85%
- alohan'ny amin'ny 10 ora maraina ihany ny fahafoizana

***N.B.* –** fifantenana atody : ilay mamokatra in-2 isan-taona, vita sedra sy azo antoka, boribory tsara

- Raha mifindra toerana lavitry ny hitondrana azy : arovana amin'ny tara-masoandro, fofona ratsy (simika, lasantsy, …), tsy voadondona, atao anaty baoritra makarakara

3.3.2-/ Famahanana

- Ravina malefaka eny amin’ny tendrony ny ary midina araka ny taonany
- Ravina maina tsy misy ranon’ando na orana , nefa manana hamandoana anty (milenodenoka)
- Tetehina araka ny halavan’ny biby ny ravina hamahanana ary ny taona fahadimy dia afaka ampiarahina amin’ny tahony
- Tsy fahanana rehefa matory
- Oemana ravina malemy rehefa vao mifoha
- 250 kg eo ho eon y ravina ho an’ny 20 eny mandritry ny famahanana rehetra (atody vahiny)

3.3.3-/ Fahadiovana ankapobeny

- Fantsirana “eau de javel ny efitrano 8 andro azlohan’ny hiompiana , sokafana ny varavarankely 2 andro alohan’ny hiompiana
- Rarahana vovontsokay ny gorodona
- Sasana amin’ny “eau de javel” sy rano ny fitaovana rehetra ary atapy andro avy eo
- Soloibna lafika isaky ny avy matory, tsy manila lafika amin’ny andro mafana
- Ataoa maina tsar any lafika alohan’ny fiakarana
- Misasa amin’ny “eau de javel”matsora isaky hiasa amin’ny landy
- Tsy mihinana paraky na mifoka sigara ao amin’ny trano fiompiana
- Tsy ampiasaina amin’ny zavatra hafa ny sobikan’ny ravina

3.3.4-/ Fiofona (= fatorinan'ny landy)

- Fafazana vovo-tsokay ny biby rehefa tapi-matory ny ¾ mba hiaro azy amin'ny aretina sy fampidirana ny hamondana
- Tsy kasihintanana mihitsy
- Atao maizimaizina ny trano
- Tsy rakofan,a plastika
- Tsy atsahatra ny famahanana raha tsy efa tapi-matory ary tsy atomboka ny famahanana raha tsy efa tapitra mifoha
- Atao lehibebe ny toerana ivelarany rehefa miofo

3.3.5-/ Fandrarina akora (fiakarana)

- Toetry ny landy : miova loko , mihakely vatana , mivazivezy eran'ny fandriana
- Atao maizimaizina ny efitrano
- Tsy asiana rivotra mivoivoy be
- Mbola fahanana izay tsy miakatra
- Atao vonon,a eo akaiky ny hazo hiakarana (anjavidy, apangan….) na fitaovana sahaza (handrika)

3.3.6-/ Aretin'ny landy

- **Bokaboka (viriosy) :** mibontsina ny hoditra nefa malemy, lasa mavo, mando mivolon-dronono, lasa be loha , malainkomana : (mitranga eo amin'ny taona IV sy V sy ny fiakarana)
- **Maty fotsy (holatra) :** mihinjitra be ny vatana , tsy mahavita akora, mifaritra mangana, mibontsina kely, toy ny misy menaka ny hoditra (mpahazo ny biby tanora)
- **Fiaviana:** trano sy fitaovana maloto
- **Petorina :** tsy mitombo, tsy miakatra ,be pentina mainty ny hoditra
- Maty eo amin'ny taona IV na eo ampiofona ho soherina
- **Milofika :** mihareraka ny biby, mivalomainty, ary maimbo rehefa maty
- Aretina vokatry ny ravian ratsy na ravina mitondra aretina
- **Pesta :** mivolo-mainty ny vatan'ny biby
- Fiaviany : atody tsy ara-dalana , bibikely manidina mamely ny hoditra , tsy tsy fampiasan moustiquaire
- Mitranga matetika eo amin'ny taona hafa IV sy V

TAONA	FAHARETANY	SAKAFO	HAFANANA	HAMANDOANA	REFY
I (vao foy)	5-6 andro	Isaky ny ora 4	26-27°C	85%	5 mm
	1 andro	FIOFONA VOALOHANY		60%	
II (miala lay)	4-5 andro	Isaky ny ora 4	25-26° C	80%	8mm
	1andro	FIOFONA FAHAROA		60%	
III (marakely)	6-7 andro	Isaky ny ora4	24-25 °C	75%	15mm
	1andro	FIOFONA FAHA-TELO		60%	
IV (zandriny)	7-8 andro	In-4 isan'andro	23-24°C	70%	30mm
	2 andro	FIOFONA FAHA EFATRA		60%	
V (landy)	8-10 andro	In-4 isan'andro	21-23°C	70%	40mm
Fandrarina akora (fiakarana)	2-3 andro		21-23°C	60%	
		FIOFONA SOHERINA			
	6-8 andro (aorian'ny fiakarana farany)	TANGOSANA NY AKORA			
	17-18 andro aorian'ny soherina	FIOFONA HO SAMOINA na LOLO			

Fanamarihana : rehefa mivoaka ho samoina dia manao firaisana ny lahy sy ny vavy mandritry nyora 4 eo hoeo ary manatody ao anaton'ny 24 ora ka 400 eo ho eon y atodiny . Maty ny lolo fotoana fohy aorin'izay